A NY FIFANDRAISAN'NY KRISTIANA AMIN'ANDRIAMANITRA. Romana 12:1-2.

- ❖ Tsy maintsy atolotra an'Andriamanitra ireo fahaiza-manaotsika rehetra ary tehirizina ho afaka manao ny tsara indrindra mandrakariva.
- ❖ Tsy maintsy miezaka miaina amin'ny fahatanterahana sy am-pahatokiana isika.

B NY FIFANDRAISAN'NY KRISTIANA AMIN'NY FIANGONANA. Romana 12:3-8.

- ❖ Tsy misy na dia iray aza tokony hihevitra ny tenany ho ambony noho ny rahalahiny, satria samy anisan'ny tenan'i Kristy isika.
- ❖ Isika tsirairay dia samy manana anjara asa ao amin'ny Fiangonana, araka ny fanomezana izay noraisintsika.

D NY FIFANDRAISAN'NY KRISTIANA AMIN'NY HAFA. Romana 12:9-21.

- ❖ Ireo toetra tsara izay tanisain'i Paoly ao amin'ny Romana 12:9-21 dia vokatra miseho ivelan'ny fitiavana Kristiana marina.

E NY FIFANDRAISAN'NY KRISTIANA AMIN'NY FITONDRAM-PANJAKANA. Romana 13:1-7.

- ❖ “Tsy takiana hiantsy ny manam-pahefana isika. Ho avy ny fotoana, izay noho ny fombantsika ny fahamarinana ara-Baiboly, dia ho raisina toy ny mpamadika isika; kanefa aoka izany fotoana izany tsy ho hafangainina noho ireo hetsika atao tsy am-pahendrena izay mamoha fankahalana sy ady.” E.G.W. (Testimonies for the Church, vol. 3, sec. 6, “Our attitude toward the civil authorities”, p. 45-49)

F NY FIFANDRAISAN'NY KRISTIANA AMIN'NY LALÀNA. Romana 13:8-10.

- ❖ Ny didin'Andriamanitra tsirairay dia mifototra amin'ny fitsipiky ny fitiavana. Noho izany, tsy azo tanterahina amin'ny fombafomba ety ivelany fotsiny ihany ny fitandremana ny lalàn'Andriamanitra.
- ❖ Ny tena fankatoavana marina dia avy amin'ny fo sy ny fanahy. Ny fitandremana ny lalàna dia tsy fileferana ety ivelany, fa tena fanehoana fitiavana marina.

G NY FIFANDRAISAN'NY KRISTIANA AMIN'NY FIAVIANY FANINDROANY. Romana 13:11-14.

- ❖ Amin'ny fitadidiana fa atomotra ny Fiaviany Fanindroany, dia mampahery antsika i Paoly hamela ny tsy faharisihana, ny tsy firaihana sy ny hafaliam-potsika amin'ny tenantsika. Mamporisika i Paoly mba hanafy ny tenantsika amin'i “Jesosy Kristy Tompo” isika; izany hoe, hanavao ny fifandraisantsika Aminy isan'andro.
- ❖ Toa ohatran'ny ela loatra mihoatra noho izay nanantenantsika azy ny Fiaviany Fanindroany, kanefa tsy midika izany akory fa latsaka ny Tenin'Andriamanitra. Misy asa tsy maintsy vitaina ary misy fepetra tsy maintsy tanterahina mialohan'ny hiavian'i Kristy indray. Etsy andaniny, ny mpino tsirairay dia tsy maintsy manao fanandramana mitohy ny amin'ny fahatsapana ny fahafohizan'ny fotoana sy ny fahatomoran'ny fiavian'i Kristy.